

NY FIRENENA MIKAMBANA INDRAY MITOPI-MASO

Dikan-teny malalaka nataon'ny CINU avy amin'ilay boky natotan'ny
Sampandraharaha ny Filazambaovao Ny Firenena Mikambana

«L'ONU en bref — DPI/1223»

CINU - Antananarivo
Foibe Fampahalalam-baovao
ny Firenena Mikambana
Marsa 1998

1

NY FOMBA FIASAN'NY FIRENENA MIKAMBANA

Ny Firenena Mikambana (ONU) dia fikambanana fanjakana mahaleotena fa tsy fitondrampanjakana iraisam-pirenena. Manana ny fomba rehetra ahazoan'ireo fanjakana mpikambana ao aminy hitady vahaolana amin'izay disadisa na amin'ireo olana misy, ka handinika akaiky ny resaka rehetra momba ny zanak'olombelona. Tsy mamolavola lalana toy ny Antenimieram-pirenena ny Firenena Mikambana, fa ireo solontenan'ny firenena rehetra eran-tany na lehibe na kely, na manankarena na mahantra, tsy anavahana rafitra politika na sosialy, no mamaritra, amin'ny alalan'ny fandraisany anjara sy ny latsa-bato ataony, ireo tetik'ady iraisam-pirenena. Ny taona 1995 no nanamarika ny fahadimampolo-taonany ny Fikambanana.


Manana sampana lehibe enina (6) ny Firenena Mikambana, izay ho soritana etsy ambany. Ao amin'ny Foiben'ny ao New York avokoa no ahitana azy rehetra ireo, afa-tsy ny Fitsarana Iraisam-pirenena izay any La Haye (Pays-Bas) ny foiben'ny.

NY FIVORIAMBE (ASSEMBLEE GENERALE)

Ny Fivoriambe, izay voalaza matetika fa toy ny antenimiera iraisam-pirenena iray, no sampana lehibe manapa-kevitra. Manana solontena ao avokoa ny Fanjakana Mpikambana rehetra ary manana vato iray avy. Ny maro an'isa tsotra no manapaka amin'ny raharaha tsotra. Amin'ny raharaha lehibe kosa dia ny roa ampahatelon'ny vato no ilaina.

Mivory indray mandeha isan-taona ny Fivoriambe, fivoriana ara-potoana io, manomboka eo amin'ny tapaky ny volana Septembra ka hatramin'ny tapaky ny volana Desambra; mivory tsy ara-potoana na maika

koa izy raha misy toe-draharaha mitaky izany. Na tsy mihaona aza ny Fivoriambe, dia mitohy hatrany ny asany eo amin'ireo vaomiera sy ireo sampan-draharaha manokana. Afaka mandinika ny toe-draharaha rehetra voalaza koa izy ka tafiditra ao anatin'ny Satan'ny Firenena Mikambana, ary manolotra tolo-kevitra momba izay toe-draharaha izay. Tsy afaka manery ny fitondram-panjakana iray izy handray fepetra, fa ny tolo-kevitra arosany kosa dia manan-danja moraly noho izy hevitra ny firenena eran-tany. Ankoatra izay dia mamaritra ny politika sy ny fandaharan'asa ho tanterahan'ny " **Secrétariat** " koa ny Fivoriambe. Izy no mameraka ny tanjona sy mitarika ireo sahan'asa ho an'ny fampandrosoana, mandany ny tetibola ho an'ny asa fitandroana ny fandiampahalemana ary mampiantso fivoriambe iraisam-pirenena mikasika ny toe-draharaha lehibe. Rantsa-mangaikan'ny Firenena Mikambana ny Fivoriambe: mandray ny tatit'ireo sampana hafa izy. Mankato ny fidiran'ny Mpikambana vaovao, mandany ny tetibola ary manendry ny Sekretera jeneraly.



NY FILANKEVIM-PILAMINANA (Conseil de sécurité)

Ny Satan'ny Firenena Mikambana izay fifanarahana iraisam-pirenena, dia manery ny Mpikambana ao aminy handamina ny disadisany aloha amin'ny fomba milamina. Tsy azon'izy ireo atao ny mifandrahona na mampiasa hery amin'ny firenena hafa. Azony atao kosa ny mandroso ny fifanolanany eo anatrehan'ny Filankevim-pilaminana.

Io sata io koa no mamaritra fa ny Filankevitra no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fitandroana ny fandriampahalemana sy ny filaminana. Azo antsoina koa izy amin'ny fotoana rehetra mety ahavoatohitohina ny fandriampahalemana. Ny firenena mpikambana kosa dia tsy maintsy mampihatra ny fanapahan-kevitra noraisiny.

Misy mpikambana dimy ambin'ny folo (15) ao amin'ny Filankevitra. Ny dimy (5) amin'ireo (Shina, Etazonia, ny Federasion'i Rosia, Frantsa, ary Angletera) no mpikambana maharitra. Ny folo sisa kosa dia fidian'ny Fivoriambe isaky ny roa taona. Ny maro an'isa sivy (9) no manapaka hevitra ary tsy misy fanapahan-kevitra azo raisina raha misy mpikambana maharitra iray mitsipaka (mametraka ny " **zo tsy azo ivalozana** " - droit de veto) afa-tsy amin'ny toe-draharaha ilàna fandinihana manokana.

Amin'ny toe-draharaha manohintohina ny fandriampahalemana dia asain'ny filankevim-pilaminana ireo firenena voakasika handamina ny fifanolanany am-pilaminana. Afaka manelanelana koa ny Filankevim-pilaminana na mandroso foto-kevitra handaminana ny raharaha.

Azo atao koa ny miangavy ny Sekretera jeneraly mba hanao fanadihadiana amin'ny toe-draharaha misy ary manao tatitra aminy. Raha misy ady mipaoka, dia miezaka ny Filankevim-pilaminana hampisy ny fampitsaharana ny poabasy. Raha eken'ireo mpifanandrana izany dia afaka mandefa tafika mpampandry tany any amin'ireo faritra atahorana ny Filankevim-pilaminana mba hampihenana ny disadisa sy hampisaraka ireo hery mpifanandrana.

Ny Filankevim-pilaminana koa dia afaka mandefa tafika mpampandry tany hisakanana ny ady tsy hipoaka. Dia mampihatra ny fanapahan-keviny koa izy amin'ny alalan'ny fandefasana vondron-tafika iraisana ary mametraka sazy ara-toekarena.

Ankaotra izay ny Filankevitra dia manolotra olona ho fidian'ny Fivoriambe eo amin'ny toeran'ny Sekretera jeneraly. Mamolavola tolo-kevitra koa izy ho an'ny Fivoriambe momban'ny fandraisana Mpikambana vaovao ho ao amin'ny Fikambanana.

NY FILANKEVITRA ARA-TOEKARENA SY SOSIALY (Conseil Économique et social - ECOSOC)

Ny Filankevitra ara-toekarena sy sosialy dia miasa eo ambany fahefan'ny Fivoriambe. Amin'izany dia izy no mandrindra ny sahan'asa ara-toekarena sy sosialy ao amin'ny Firenena Mikambana sy ireo sampandraharaha manokana izay miankina aminy.

Ahitana mpikambana efatra amby dimampolo (54) ny Filankevitra. Amin'ny ankapobeny dia mivory indroa isan-taona izy ho fandaminan-draharaha, ary fivoriana iray hiadian-kevitra. Mandritra io fotoam-pivoriana io no hisian'ny fihaonana manokana avo lenta, handraisan'ny ministra sy mpiasam-panjakana ambony anjara hiadian-kevitra ireo raharaha lehibe ara-toekarena sy sosialy.

Ny Filankevitra no manolo-kevitra sy mitanika ny sahan'asa mikendry indrindra ny hampiroboroboana ny fivoarana ara-toekarenan'ny firenena andalam-pandrosoana, ny hitantanana ireo tetik'asa fampandrosoana, hitandroana ny fanajana ny zon'olombelona, ny hampitsaharana ny fanavakavahana ireo vitsy an'isa, ny hampielany ny voka-tsoan'ny siansa sy haitao ary ny handrisihana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena eo amin'ny sehatra maro toy ny fanatsarana ny toeram-ponenana, fandrindrana isam-pianakaviana ary fisorohana ny vono-olona.

NY FILANKEVITRA MPIAHY (Conseil de tutelle)

Ny Filankevitra mpiahy dia najoro hanara-maso ireo fitondram-panjakana natao hitantana ireo faritra eo ambany fiahian'ny Firenena Mikambana, ka andraisin'izy ireo fepetra mazava sy hentitra mba hanomana ireo mponina amin'ny fizakan-tena na amin'ny fahaleovantena.

Tamin'ny 1994 ny Filankevim-pilaminana dia nampiato ny Fifanaraham-piahiana nifehy ireo nosy ao Pasifika notantanani Etazonia hatrizay. Io no faritra farany amin'ireo iraka ambifolo (11) teo ambany fitantanany teo aloha.

Tratran'ny Filankevitra izany ny tanjony: lasa mahazaka tena na mahaleotena avokoa ireo faritra niahiany teo aloha, na mandeha tsirairay izany, na miaraka amin'ny Fanjakana mahaleotena akaikiny. Nasiana fiovana teo amin'ny fitsipika anatin'ny lasa mivory amin'ny toerana sy fotoana izay takian'ny toe-java-misy sisa ny Filankevitra Mpiahy.

NY FITSARANA IRAISAM-PIRENENA (Cour internationale de justice - CIJ)

Ny Fitsarana Iraisam-pirenena no sampam-pitsarana lehibe indrindra ao amin'ny Firenena Mikambana. Misy mpitsara dimy ambinifolo (15) voafidin'ny Fivoriamben'ny Filankevim-pilaminana. Ireo Fanjakana Mpikambana ihany no afaka mandray anjara amin'ny ady hevitra momba ireo fifanolanana aroso amin'ny Fitsarana.

Tsy voatery mandray anjara amin'ny fitsarana anefa ny Fanjakana iray raha tsy tiany izany (afa-tsy raha misy fepetra maika voaraikitra anaty fifanarahana iray mitaky izany) kanefa, raha manaiky ny hanatrika izany izy, dia tsy maintsy manaja ny fanampahan-kevitra ny Fitsarana.

NY FITANANA AN-TSORATRA (Secrétariat)

Ny Sampana Fitanana an-tsoratra, tarihin'ny Sekretera jeneraly dia miasa ho an'ireo sampan-draharaha hafan'ny Firenena Mikambana ary mampihatra ny fandaharan'asan'izy ireo. Izy no miantoka ny fampandehanana andavanandro ny Fikambanana amin'ny alalan'ireo mpiasany avy amin'ny firenena fitopolo amby zato (170) mpikambana izay miasa ao amin'ny Foibe sy eran'izao tontolo izao..

***Atoa Kofi Annan
teratany avy any Ghana,
Sekretera jeneraly
ankehitryny ao amin'ny
Firenena Mikambana,
nanomboka tamin'ny
1 Janoary 1997.***



2

NY FIRENENA MIKAMBANA SY NY FANDRIAMPAHALEMANA

Nandritra izay dimampolo (50) taona nisiany izay, dia ny fitandroana ny fandriampahalemanana no nataon'ny Firenena Mikambana anisan'ireo tanjona lehibe nokendreny. Nanampy betsaka izy tamin'ny fandaminana ny fifanolanana nisy teo amin'ny samy firenena, ny fampihenana ny disadisa, ny fisorohana ireo ady ary ny fampitsaharana ireo fifandonana. Efa nitarika sahan'asa manahirana ho fitandrohana na famerenana ny fandriampahalemana izy ary nanampy koa ireo mponina.

Nandray andraikitra lehibe tokoa noho izany ny Firenena Mikambana tamin'ny fandaminana ireo ady tena mavaivay tato anatin'ny taona maromaro farany.

Amin'izany andraikiny izany, dia fomba maro no ampiasain'ny Firenena Mikambana:

- fanapahan-kevity ny Filankevim-pilaminana mandidy ny fampitsaharana ny poabasy ary milaza ireo torolalana handaminana ny disadisa iray;
- fanelanelanana ataon'ny Sekretera jeneraly;
- fanelanelanana ataon'ny iraka iray;
- fifanantonana diplomatika mangingina amin'ireny fihaonana tsy ofisialy ireny;
- fandefasana vaomiera mpanadihady;
- fananganana vondrona mpanara-maso atao iraka na vondron-tafika mpampandry tany ahitana ireo andian-tafika avy amin'ireo Fanjakana Mpikambana ary napetraka eo ambany fifehezan'ny Firenena Mikambana.

Eo amin'ny sehatry ny fitandroana ny fandriampahalemana dia tsy nitsaha-nitombo ireo fangatahana tonga any amin'ny Firenena Mikambana. Teo anelanelan'ny taona 1988 sy 1994, dia nisy 21 ny fampandrian-tany vaovao nalefa, raha 13 fotsiny izany nandritry ny 40 taona teo aloha.

Tamin'ny fiantombohan'ny taona 1995, dia vata miaramila 69.000, mpanara-maso ara-tafika sy manamboninahitry ny Polisy avy amin'ireo firenana 77 no nalefa tany amin'ny faritra maro samihafa eran-tany. Hatramin'ny taona 1948 dia vata miaramila miisa 720.000 mahery no efa niasa tao amin'ny Tafiky ny Firenena Mikambana ka mihoatra ny 1.100 no namoy ny ainy tamin'izany. An'arivony maro koa ireo sivily nanampy ny Firenena Mikambana.

...TANY SOMALIA

Maherin'ny 300.000 no maty ary 5 tapitrisa no nianjadian'ny mosary noho ny ady an-trano nipoaka ny taona 1991. Nanampy betsaka tamin'ny famongorana io mosary io ny Firenena Mikambana, tamin'ny fanakanana ny vono olona sy ny fampitsaharana ny ady nafana vay .

Tamin'ny Avrily 1992 dia napetraka ny Asa fampandrian-tany tany Somalia (ONUSOM) ary ny taona io ihany. volana Desambra. najoro koa ny Vondron-tafika iraisana notarihan'i Etazonia . Ireo asa fanelanelanana dia nahafahana nanakana ny vono-olona ary nampihena betsaka ny tsy fahampian-tsakafo sy ny mosary. Ny taona 1993. natsangana indray ny Asa fampandrian-tany vaovao (ONUSOM II) nasolo ny Vondron-tafika iraisana.

Niezaka namerina ny filaminana ny ONUSOM II. nanao ny fampihavanam-pirenena ary nanampy tamin'ny fanarenana ny toekarena sy ny fiaraha-monina Somaliana; nifarana ny volana Marsa 1995 io iraka ONUSOM II io. Sampan'asan'ny Firenena Mikambana maro no nitondra fanampiana namonjena ain'olona tao anaty sarotra.



(Sary : Ny Sekretera jeneraly taloha, Atoa Boutros-Boutros Ghali, miaraka amin'ireo miaramilan'ny Firenena Mikambana, tany Somalia).

.... TANY MOZAMBIKA

Nanampy tamin'ny hisian'ny fandriampahalemana ny Firenena Mikambana. Ny taona 1992, napetraky ny Filankevim-pilaminana ny Asa Fampandrian-tany tany Mozambika (ONUMOZ) hanamora ny fampiharana ny fifanarahana tamin'ny taona 1992 nisy teo amin'ny Fitondram-panjakana sy ny Hery Mpanohitra mozambikana (Resistancia Nacional MoÁmbicana: RENAMO). Io ONUMOZ io no nanara-maso ny fampitsaharana ny poabasy, ny tsy fanelsehana ny vata miaramila, nandrindra ny famonjena ain'olona ary niantoka ny fampizorana ara-dalana ny fifidianana malalaka voalohany tany. Io fifidianana io no nitondra nakany amin'ny fananganana milamina fitondram-panjakana vaovao. Nifarana tamin'ny Janoary 1995 ny iraka nampanaovina ONUMOZ ary nahomby tanteraka.

... TANY CAMBODGE

Nanampy tamin'ny fampitsaharana ny ady efa naharitra 12 taona tany Cambodge ny Firenena Mikambana. Nandritra izany taona maro izany no nanaovan'ny Sekretera jeneraly ny fanelanelanany mba ahitana vahaolana milamina ary koa nandrosoany , tamin'ny 1988, soson-kevitra ho amin'ny fandriampahalemana sy fandaminana politika.

Tamin'ny 1991, ireo fihaonana avo nataon'ny mpikambana dimy (5) maharitra ny Filankevim-pilaminana no nahatongavana tamin'ny fifanarahana nisian'ny fandriampahalemana, izay vita sonia hampitsaharana ny ady ary hanomanana ny firenena amin'ny fifidianana. Io fifanarahana io no nanome andraikitra lehibe ny Firenena Mikambana toy ny fametrahana sahan'asa goavana aantsoina hoe " Fahafana Vonjimaikan'ny Firenena Mikambana tany Cambodge " (APRONUC), natao hanaramaso ny fampitsaharan'ny poabasy, hanala ny fitaovam-piadiana amin'ireo mpifanandrina, hamerina an-tanindrazana ireo mpitsoa-ponenana ary handamina ny hisian'ny fifidianana malalaka sy tsy miandany amin'ny ankolafin-kery. Ny fifidianana tamin'ny May 1993 ary no nahafahana nametraka milamina fitondram-panjakana vaovao. Nifarana tamin'izay koa ny iraka nataon'ny APRONUC izay hita fa nahomby.

... TANY IRAN SY IRAK

Mbola ny Firenena Mikambana ihany koa no nanampy tamin'ny fampitsaharana ny ady tany izay naharitra 8 taona teo amin'ny roa tonta. Ny ezaka fanelanelanana tsy nitsahatra nataon'ny Filankevim-pilaminana sy ny Sekretera jeneraly dia tapitra ny volana Aogositra 1988: fampitsaharana ny poabasy any faneken'ny roa tonta ny drafitra ny Firenena Mikambana ho amin'ny fandriampahalemana ny taona 1987. Taorian'izany dia nalefa ny Vondron'ny Mpanara-maso ara-tafika ny Firenena Mikambana ho any Iran sy Irak (GOMNU II) hanelanelana ny

tafika roa tonta sy hanara-maso ny fampitsaharana ny ady ary ny fanesorana ireo andian-tafika mpifanandrina. Nifarana tamin'ny 1991 ny iraka nataon'ny GOMNU II.

...TANY AFGHANISTAN (AZIA)

Nanao ny asany maha-mpampandry tany azy koa ny Firenena Mikambana tany Afghanistan. Koa tamin'ny volana Avrily 1988, rehefa naharitra 6 taona ny dinika notarihin'ny Solotenan'ny Sekretera jeneraly, dia nosoniavin'ny solotenan'i Afghanistan, Pakistan, ny Firaiana Sovietika ary i Etazonia ny fifanarahana ho amin'ny fandaminana ny disadisa. Mba hijerena akaiky ny fampiharana ny fifanarahana dia nandefa mpanara-maso ny Firenena Mikambana, araka ny iraka fanelanelanana fanaony, tany Afghanistan sy Pakistan.

Nahavita ny asa nampanaovina azy ny iraka : tamin'ny 1989, niala tao Afghanistan ny tafika soviatika araka ny fe-potoana voatondro. Naho ny ny asam-panelanelanana nataony hatrany ny Sekretera jeneraly sy ny solontenany manokana.

... TANY AMERIKA AFOVOANY

Tany Amerika afovoany, nanampy ireo mpifanandrina ny Firenena Mikambana handamina ny disadisany. Ny Vondrona Mpanara-mason'ny Firenena Mikambana (ONUCA) efa napetraka tany hatramin'ny 1989-1992, dia nanara-maso ny fampiharana ny fifanekena teo amin'ireo firenena dimy (5) voakasiky ny fandaminana. Nandray anjara koa izy tamin'ny fanakanana ireo mpikambana 22.000 tao amin'ny tafika mpanohitra nikaragoana (antsoina hoe "Contras"). Voatery nametra-piadiana ireo teo anatrehan'ny ONUCA tamin'ny volana Marsa-Jona 1990.

Nisy koa ny iraky ny Firenena Mikambana nalefa hanara-maso ny fifidianana tamin'ny volana Febroary 1990 tany Nicaragua. Izany fifidianana izany no voalohany natao teo ambany fanaraha-mason'ny Firenena Mikambana tany amin'ny firenena iray mahaleotena.

Tany El Salvador dia nandray anjara tamin'ny dinika nifanaovan'ny Fitondram-panjakana salvadoriana sy ny Vondron'ny mpanohitra ho amin'ny fanafaham-pirenena (Frente Farabundo Martí para la Liberación Nacional, na FMLN) koa ny Sekretera jeneraly. Nodinihina tamin'izany ny hampitsaharana ny ady izay efa naharitra 12 taona. Ny fanelanelanana nataon'ny Sekretera jeneraly no nahafahana nanao sonia ny fifanarahana ho amin'ny fandiampahalemana ny taona 1992 teo amin'ny roa tonta. Fifanarahana izay nampitsahatra ny ady ary nampizotra nakany amin'ny fampihavanam-pirenena. Ny iraka mpanara-mason'ny Firenena Mikambana tany El Salvador no nijery akaiky ny fampiharana ny fifanarahana rehetra voasonia teo amin'ny Fitondram-panjakana sy ny FMLN. Izy koa no niantoka ny fizotran'ny fifidianana tamin'ny taona 1994 .

Tany Guatemala, ny dinika teo amin'ny Fitondram-panjakana sy ny Vondron'ny mpanohitra - Unidad Revolucionaria Nacional Guatemalteca (URNG) notarihan'ny Firenena Mikambana, dia nifara tamin'ny fanaovan-sonia roa (2) ho fandaminana ny ady naharitra 30 taona . Tamin'ny Novambra 1994, napetraky ny Firenena Mikambana tany Guatemala ny iraka iray hanara-maso ny fanajana ny zon'olombelona.

... TANY HAÏTÌ

Tamin'ny 1990, ny Firenena Mikambana no nanara-maso ny fifidianana demokratika voalohany tany HaÏti, izay nametraka teo amin'ny toerany ny Fitondram-panjakanan'ny Filoha Jean Bertrand Aristide. Taorian'ny fanonganam-panjakana nataon'ny tafika ny taona 1991, ka nahatonga ny Filoha Aristide an-tsena-tany, dia nisy fifanarahana voasonia hamerenana ny demokrasia. vokatry ny fanelanelanana nataon'ny Firenena Mikambana. Noho ny tsy fivoaran'ny toe-draharaha. dia namela ny hampijoroana vondro tafika iraisana ny Filankevim-

pilaminana ny taona 1994. Nampiasaina koa ny fomba rehetra ilaina hanafainganana ny fanalana ireo mpitondra miaramila. Taorinan'ny fahatongavan'ny tafika iraisam-pirenena notarihan'i Etazonia, dia nody an-tanindrazana ny Filoha Aristide ny volana Oktobra 1994. Ny andraikitra ny iraky ny Firenena Mikambana tany Haïti izany dia ny hampanjaka ny filaminana napetraky ny Tafika iraisam-pirenena.

... TANY YUGOSLAVIE TEO ALOHA

Tsy nitsahatra nitady vahaolana tamin'ny ady izay nandrotika io firenena io ny Firenena Mikambana, ary mba hampitoniana ny fijaliana nahatsiravina nahazo ny vahoaka ka hamerenana indray ny fandiampahalemana, dia nandidy ankivy iraisam-pirenena ny Firenena Mikambana, ny taona 1991: tsy hamatsiana fitaovam-piadiana an'i Yugoslavia teo aloha.

Ny Sekretera jeneraly sy ny irany manokana kosa dia nanampy tamin'ny fitadiavana vahaolana ialana amin'ny krizy. Ny tafika mpampandry tany, nantsoina hoe Tafika Mpiaron'ny Firenena Mikambana (Force de Protection des Nations-Unies - FORPRONU) izay nalefa tamin'ny taona 1991, dia nikatsaka hatrany ny hamerenana ireo fepetra hampisy ny fandiampahalemana sy ny filaminana tany Croatia. Nanampy tamin'ny fiantohana ny fahatongavan'ny vonjy aina tany Bosnie-Herzegovine, ary nanao izay hanakanana ny Repoblikan'i Macédoine teo aloha tsy handray anjara amin'ny ady. Tamin'ny 1995, dia nozaraina vondro tafika telo ny FORPRONU mba hisahana ireo firenena telo ireo. Raha nitohy hatrany ny dinika notarihan'ny Firenena Mikambana, ny tafika mpampandry tany sy ireo sampana maron'ny Firenena Mikambana kosa dia nihezaka hatrany hampitsahatra ny poabasy ka niaro ny mponina ary namatsy sakafó sy fitaovana ho an'ireo olona 4 tapitrisa nila izany.

... TANY MOYEN-ORIENT

Efa hatramin'ny ela no nanaovan'ny Firenena Mikambana ho vain-dohan-draharaha ny faritr'i Moyen - Orient. Tamin'ny taona 1948 dia efa natsangana ny vondrona mpanara-maso ara-tafika , sampan'ny Firenena Mikambana natao hiambina ny fifanandrinana (Organisme des Nations-Unies chargé de la surveillance de la trêve - ONUST) ka hanaramaso ny fiatoan'ny ady. Fiatoana izay nangatahan'ny Filankevimpilaminana nandritra ny ady voalohany teo amin'ny Jiosy sy ny Arabo. Na dia nivoatra aza anefa ny andraikitra ny ONUST, dia nijanona tamin'ny faritra ny ihany ireo tafika mpanara-maso mba hampihena ny disadisa.

Tamin'ny taona 1956, fotoana nampafana ny raharahan'ny lakan-dranon'i Suez, dia najoro ny tafika mpampandry tany nantsoina hoe : Tafika Vonjy Taitran'ny Firenena Mikambana (**Force d'urgence des Nations Unies**). Nanara-maso ny fanesorana ny tafika anglisy, frantsay ary israeliana, ary nanao izay hisian'ny fandiampahalemana sy ny filaminana tao an-toerana. Taorian'ny ady ny taona 1973, dia vondro tafika roa mpitandro ny fandiampahalemana no nalefa tany Moyen-Orient. Nisy Tafika Vonjy taitra iray faharoa koa tao amin'ny faritr'i Sinaï, mandra-pisian'ny fanaovan-tsonia teo amin'i Israely sy i Egipta, ny taona 1979 (Camp David).

Ny tafiky ny Firenena Mikambana natao hanala ny miaramila roa tonta, nalefa tany amin'ny havoanan'i Golan tamin'ny 1974, dia mbola nijanona tamin'ny faritra nampisaraka ny tafika israeliana sy syriana. Ny Tafika Mpisolon-toeran'ny Firenena Mikambana kosa, najoro tamin'ny 1978, dia misahana ny fitandroana ny filaminana ao atsimon'i Liban ary miantoka ny fiarovana ny mponina ao an-toerana.

Mifandraika amin'izany asa fampandrian-tany izany, dia tsy mitsahatra nikaroka vahaolana milamina ao Moyen-Orient koa ny Firenenena Mikambana. Ny fehin-kevitra 242 tamin'ny 1967 sy 338 tamin'ny 1973 navoakan'ny Filankevim-pilaminana, dia mametraka ireo foto-kevitra ho amin'ny fandiampahalemana faobe. marina sy maharitra. Izany foto-kevitra izany no fototry ny fandaminana ankapobeny. Tamin'ny volana Septembra

1993. dia afa-po tokoa ny Sekretera jeneralin'ny Firenena Mikambana tamin'ny fifanakalozana ireo antonta taratasm-pifanekena teo amin'i Israely sy ny Antokom-panafahana an'i Palestina; teo koa ny fanaovan-tsonian'ny roa tonta ny Fanambarana momba ireo foto-kevitra entina handaminana vonjy maika ny fizakan-tena. Nisy koa Mpandrindra manokan'ny Firenena Mikambana nanara-maso ny fanampiana omeny ho fampivoarana ny farimpianan'ny mponina palestianina ao Gaza sy Cisjordanie.

IREO SAHAN'ASA FANELANELANANA Hafa

Teo amin'ny fiantombohan'ny taona 1995, dia nahitana ireo miaramila Misatro-mangan'ny Firenena Mikambana koa tamin'ireo faritra maro izay nisehoan'ny korontana. Nisy ireo iraky ny Firenena Mikambana nanao ezaka hamerina ny filaminana sy hampisy ny fihavanam-pirenena tany Rwanda (*Mission des Nations-Unies au Rwanda - MINUAR, najoro tamin'ny 1993*), tany Angola (ONUVEM, 1989), sy hanara-maso ny fitsapankevimbahoaka tany Sahara Andrefana (MINURSO, 1991) ary hamerina amin'ny laonina ny toe-draharaha tany Chypre (UNFICYP, 1964).

Tao koa ireo mpanara-maso ara-tafika nitoby tany Tadjikistan (UNMOT, najoro tamin'ny 1994), tany Liberia (MONUL, 1993), tany Georgie (MONUG, 1993), tany amin'ny sisin-tany mampisaraka an'i Irak sy Koweit (MONUIK, 1991), ary tany amin'ny Fanjakan'i Jammu-el-Cachemire manaraka ny fitsipika fampitsaharana ny poabasy eo amin'i Inde sy Pakistan (Vondron'ny mpanara-maso ara-tafikin'ny Firenena Mikambana tao Inde sy Pakistan, 1949).

NY ANDRAIKITRY NY SEKRETERA JENERALY

Misahana andraikitra lehibe tokoa ny Sekretera jeneraly amin'ny famerenana ny fandriampahalemana. Izany dia na amin'ny alalan'ny tenany mivantana na amin'ny alalan'ny fanelanelanana ataon'ireo soloteny manokana na vondron'olona izay ajorony hanao iraka mazava toy ny fampiraharahana na fanadihadiana ny zavamisy. Azony hatao koa ny manaitra ny Filankevim-pilaminana amin'ny toe-draharaha izay heveriny fa mety hanohintohina ny fandriampahalemana sy ny filaminana iraisam-pirenena. Nandritra ny raharaha balafo-manga tany Cuba tamin'ny taona 1962, dia ny Sekretera jeneraly no nampiasa ny fahaizany mba hanakanana ny loza nitatao ho an'ny fandriampahalemana; tamin'ny taona 1965 dia izy ihany koa tamin'ny alalan'ny Solontenany manokana no nampisy ny fampitsaharana ny poabasy tany amin'ny Repoblika dominikana, ary tamin'ny 1988, niaraka tamin'ny Sekretera jeneralin'ny OUA (Organisation de l'Unité Africaine) dia izy no nipoiran'ny drafimpandaminana tao Sahara Andrefana ka niafara tamin'ny fanambarana ny fampitsaharana ny poabasy tao amin'io faritra io, ny taona 1991.

Naoty : fandresena miezinezina ho an'ny Firenena mikambana koa ny fanelanelanana nataon'ny Sekretera jeneraly Kofi Annan tamin'ny Febroary 1998 ka nahafahana nisakana ny fisiana ady iray tany Irak.

NY FAMPIHENANA NY FITAOVAM-PIADIANA

Anisan'ny vain-dohan-draharaha lehibe imasoan'ny Firenena Mikambana koa ny fanakanana ny hazakazaka amin'ny fanefena fitaovam-piadiana sy ny fampienanana azy, eo koa ny fanafoanana tanteraka ny tahiry rehetra. Sehatra maharitra handinihana izany ny Firenena Mikambana izay efa nanao fanadihadiana sy namolavola tolo-dalitra maro. Efa nisy koa ireo dinika na teo amin'ny samy firenena izany na teo anivon'ireo sampan-draharaha iraisam-pirenena toy ny Fivoriambe momba ny famerana ny fitaovam-piadiana. izay mivory tsy tapaka any Genève.

Araka ny Fifanarahana momba ny tsy fanaparahana ny fitaovam-piadiana nokleary. izay neken'ny

Fanjakana 170 mahery, dia izay Fanjakana ka manana fitaovam-piadiana nokleary dia manaiky fa tsy haindrana izany amin'ny firenen-kafa ary handray fepetra hamerana ireo fitaovam-piadiana nokleary ireo; ny Fanjakana tsy manana kosa dia manome toky fa tsy hamokatra na handray fitaovam-piadiana nokleary. Io fifanarahana io dia vita sonia teo ambany fitarihan'ny Firenena Mikambana, ary nanomboka nanan-kery tamin'ny taona 1970. Dingana iray lehibe no vita mankany amin'ny tsy fanaparahana fitaovam-piadiana ny taona 1995 raha notapahan'ny fivoriana fa ho halavaina ho amin'ny fe-potoana tsy voafetra ny fampiharana io Fifanarahana io.

Nisy fifanarahana hafa koa vita sonia: nentina nandrarana ireo fanandramana nokleary eny amin'ny habakabaka, any amin'ny faritra ivelan'ny habakabaka ary ambany rano (1963); mba hanakanana ny fametrahana fitaovam-piadiana nokleary any ambony tsy taka-maso any (1967) ary any ambany ranomasina sy ranomasimbe (1971); handrarana ny fanandramana, fanamboarana ary ny fitahirizana ireo fitaovam-piadiana mamono ny zava manan'aina (1972) eo koa ireo fitaovam-piadiana simika (1992); hamerana ireo hery ara tafika mahazatra mitovy any Eoropa (1990) ary handrarana na hamerana ny fampiasana ireo karazana fitaovam-piadiana mahery vaika sasany.

3

NY FIRENENA MIKAMBANA SY NY FAHAMARINANA

Hatramin'ny nitsanganany, dia niezaka hatrany ny Firenena Mikambana hanakatra tanjona hampisy ny fahamarinana sy ny fitovian-jo voarafitry ny Sata, na eo amin'ny isam-batan'olona na eo amin'ny vahoaka iray manontolo. Anisan'ny zavatra nimasoan'ny Fikambanana voalohany, ny famolavolana ilay Fanambarana Iraisam-pirenena voalohany momba ny zon'olombelona. Voalaza ao ireo zo sy fahafahana fototra tokony hananan'ny olona rehetra ; toy ny zo ho amin'ny fahavelomana, ho amin'ny fahafahana, ho amin'ny maha olom-pirenena, amin'ny fahafahana milaza ny heviny, ny fisainany ary ny finoany; ny zo hanana asa, ny zo ho amin'ny fanabeazana, ny zo handray anjara amin'ny raharaham-pirenena, sns...

Nolanian'ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana io Fanambarana lehibe io tamin'ny 10 Desambra 1948, fotoana izay ankalazaina isan-taona ho Andron'ny zon'olombelona. Nisy koa fifanarahana roa iraisam-pirenena, nanomboka nampiharina tamin'ny 1976, ka ny iray mikasika ny zo ara-toekarena, sosialy ary ara-kolon-tsaina izay mampivelatra ny sehatra eo amin'ny zo voalazan'ny Fanambarana ary manome azy endrika lalina. Ireo tahiriv-kevitra telo ireo no mitambatra ka antsoina hoe: Sata iraisam-pirenena moba ny zon'olombelona, izay sady fitsipika no tanjona ho an'ny firenen-drehetra sy ny vahoaka.

Maro koa ireo fifanarahana iraisam-pirenena hafa, mikasika ny zon'ny vehivavy, ny fanavakavaham-bolonkoditra, ny zon'ny ankizy, ary mahasahana ireo zo fototra hafa no vita sonia teo ambany fitarihan'ny Firenena Mikambana.

Ny Vaomieran'ny Firenena Mikambana momba ny zon'olombelona no hany sampana iraisam-pirenena afaka mampiantso fivoriambe handinihana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona n'aiza n'aiza hisehoan'izany eran-tany. Izy koa no manadihady ny fisehoan'ny fanajana ny zon'olombelona na tsia, any amin'ireo firenena mpikambana ary ireo fitarainana momba ny tsy fanajana ireo zo ireo. Io Vaomiera io koa no manendry mpampakateny manokana izay manara-maso ny zava-misy momba ny zon'olombelona any amin'ny firenena sasany.

Tamin'ny 1994 no notendrena ny Kaomisera Avon'ny Firenena Mikambana voalohany momba ny zon'olombelona. Izy no mandrindra ny sahan'asan'ireo sampan'ny fikambanana eo amin'io sehatra io, mandefa iraka hijery ny zava-misy ary mamototra ny fanitsakitsahana ny zo.

Ankehitriny dia misy iraky ny Firenena Mikambana mijery akaiky ny zava-misy momba ny zon'olombelona any Haïti sy any Guatemala. Nisy iraka toy izany koa nalefa niasa tany El Salvador tamin'ny taona 1991-1995.

FIZAKANTENA SY FAHALEOVANTENA

Tamin'ny fotoana nandaniana ny Satan'ny Firenena Mikambana, dia anisan'ny zo lehibe indrindra ny zo ho amin'ny fizakan-tenan'ny firenena , toy izany koa ny zon'ireo vahoaka hitantana sy hifehy ny raharaham-pireneny. Anisan'ireo tanjona nokendrena io. Ankehitriny dia lasa zavatra iainana any amin'ireo ankamaroan'ny faritra vaozanaka teo aloha. Raha mandany ny Fanambarana momba ny fanomezana ny fahaleovantan'ireo firenena sy vahoaka voazanaka ny Fivoriamben'ny Firenena Mikambana tamin'ny taona 1960, dia nilaza ampahibemaso ny ilana ny hampiatoana haingana ny fanjanahan-tany amin'ny endriny rehetra. Hatramin'io fotoana io ary dia farim-panjanahana taloha miisa 60. ahitana mponina 80 tapitrisa mahery no nahazo ny

fahaleovantenany ary lasa Mpikambana feno ao amin'ny Firenena Mikambana. Amin'izao fotoana ankalazan'ny Firenena Mikambana ny faha dimampolo taona ny nitsanganany izao, dia tsy misy afa-tsy faritra 17 sisa no mbola eo ambany fiahiany na mbola tsy mizakan-tena.


Ny fahazoan'i Namibia ny Fahaleovantenany

Nanampy betsaka tamin'ny fahazoan'i Namibia ny fahaleovantenany ny Firenena Mikambana. Nandray andraikitra mivantana izy tamin'ny fitantana an'io firenena io izy tamin'ny taona 1966, fotoana izay nanesoran'ny Fivoriambe tamin'i Afrika Atsimo ny fahefany miahy io faritra io. Nolavin'i Afrika Atsimo anefa izany fanapahan-kevitra ny Fivoriambe izany ka niteraka ady hevitra naharitra sy sarotra izay niafara tamin'ny fanampahan-kevitra ny Filankevipilaminana tamin'ny taona 1989 ny amin'ny hampiharina drafitra hahazoan'i Namibia ny fahaleovantenany ka nankatoavin'ny Filankevitra ny taona 1978. Nalefa tany Namibia koa ny Vondrona mpanampin'ny Firenena Mikambana hitantana ny fotoana telezamita (GANUPT: Groupe d'Assistance des Nations Unies pour la Période de Transition) sy hanara-maso ny fialan'ny tafika afrikana tatsimo, ny fanoratana eo amin'ny lisim-pifidianana ireo mpifidy 700.000 mahery ary koa ny fizotran'ny fifidianana tamin'ny Novembra 1989. Io fifidianana io no nahafahana nametraka Fitondram-panjakana namibiana mahaleontena voalohany, tamin'ny taona 1990.

Ny fanaraha-maso ny fizotran'ny fifidianana

Nohon'ny fangatahan'ireo fitondram-panjakana maro, dia nandefa iraka koa ny Firenena Mikambana hanara-maso ny fifidianana tany Nicaragua (1990), tany Haïti (1990), tany Angola (1992), tany El Salvador, tany Afrika Atsimo ary tany Mozambika (1994). Nijery akaiky ny fanomanana sy ny fizotran'ny fifidianana ireo iraka ireo. Tamin'ny andron'ny fandatsaham-bato dia tonga tany amin'ireo biraom-pifidianana manerana ny firenena izy ireo ary nanatrika ny fanisam-bato. Nahazo antoka izy noho izany fa nizotra tamin'ny fomba malalaka sy tsy miangatra tokoa ny fifidianana. Nanaramaso akaiky ny fizotran'ny fitsapan-kevim-bahoaka tany Erythrée koa iraky ny Firenena Mikambana tamin'ny taona 1993.

Ankoatra izany, hatramin'ny taona 1992 dia namatsy fanampiana teknika hanomanana sy hanantanterahana ny fifidianana tany amin'ny firenena efapolo (40) mahery koa ny Firenena Mikambana.



Ny fanavankavaham-bolonkoditra (" apartheid ")

Nandritra ny 30 taona dia nanao fanentanana mafonja nanohitra ny rafitra " apartheid " tao Afrika Atsimo ny Firenena Mikambana. Rafitra izay nambarany ampahibemaso ho " heloka bevava ho an'ny zanak'olombelona ". Niseho tamin'ny endrika maro izany asa fanentanana izany: ankivy tsy hamantsiana fitaovam-piadiana, fifanarahana fanakanana ireo fihetsiketsehana ara-panatanjahantena izay nahitana betsaka fanavakavahana. Izany fepetra izany no nanampy betsaka tamin'ny fametrahana teo amin'ny fitondrana, ny volana Aprily 1994. fitondram-panjakana voafidim-bahoaka, fifidianana izay sambany nahafahan'ny Afrikana tatsimo rehetra nandatsa-

bato. Io Iraka mpanaramason'ny Firenena Mikambana io ihany koa no nanampy tamin'ny fotoana tetezamita ka nanaramaso ny fizotran'ny fifidianana. Ny fahatongavan'io fitondram-panjakana voafidim-bahoaka sady tsy manavam-bolokoditra io teo amin'ny fitondrana, tamin'ny May 1994 no namarana tanteraka ny rafim-panavakavahana (" apartheid ").

Ny zo iraisampirenena

Nanao ezaka goavana ny Firenena Mikambana tamin'ny fametrahana ho laharam-pahamehana ny zo eo amin'ny samy firenena tamin'ny fanaovana ho lalàna sy ny famolavolana ny zo iraisam-pirenena. Ny Fitsarana iraisam-pirenena dia nanampy ireo firenena handamina araka ny lalàna misy ny disadisany. Nanome tolo-kevitra mafonja koa izy momba ny asan'ny Firenena Mikambana. Miezaka mampiroborobo hatrany ny zo iraisam-pirenena ny Vaomieran'ny zo eran-tany.

Ny Firenena Mikambana no vy nahitana ireo fifanekena sy fifanarahana anjatony maro, manomboka amin'ny fifehezana ny fifandraisana diplomatika sy ny Varotra iraisam-pirenena ka hatramin'ny fiarovana ny tontolo iainana. Ny Fifanarahana vita sonia momba ny fanafoanana ireo endrim-panavakavahana rehetra atao amin'ny vehivavy dia fitaovana iray lehibe ara-dalàna entina hampivoarana ny fitovian-jon'ny vehivavy. Toy izany koa ny Fifanarahana'ny Firenena Mikambana hiadiana amin'ny varotra an-tsokosoko ireo zava maha-domelina. Ny Fifanarahana momba ny zo an-dranomasina dia mikendry ny hiantoka ho an'ny firenena rehetra ny ahazoany mitrandraka ireo harena an-dranomasina araka ny fepetra mitovy, ny hiaro ireo fari-dranomasina amin'ny loto sy hanamora ny fivezivezena ary fikarohana.

4

NY FIRENENA MIKAMBANA SY IREO SAHAN'ASA FAMPANDROSONA

Ny fandriampahalemena eran-tany maharitra dia mitaky fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy ho an'ny rehetra. Voarakitra ao anatin'ny Satan' ny Firenena Mikambana io fifandraisana io; ny Sata izay milaza fa ny Firenena Mikambana dia tokony hanatsara ny fari-piainana, hampitombo ny fananan'asa ary hampisy ny fandrosoana ara-toekarena sy sosialy. Noho izany, ampahany betsaka amin'ny lafiny ara-bola sy eo amin'ny mpiasa no natokan'ny Firenena Mikambana ho an'ireo fandaharan'asa mikendry ny hanatsarana ny farim-piainan'ny mponina eran-tany.

Ny telo ampahefatry ny mponina eran-tany tokoa mantsy dia monina any amin'ny firenena andalam-pandrosoana, ary olona miisa 1,3 lavitrisa no miaina ao anatin'ny fahantrana tanteraka. Amin'ny ankapobeny, ireo firenena efapolo (40) mahantra indrindra eran-tany, dia manana fidiram-bola 300 dolara isan'olona, isan-taona, ary amin'ireo firenena 23 manankarena indrindra anefa dia mahatratra 22.160 dolara isan'olona izany, izany hoe 56 avo heny.

Nanamarika ary ny Fivoriana'ny Firenena Mikambana fa ilaina ny hanovana ny fifandraisana ara-toekarena iraisam-pirenena mba ahafahan'ireo firenena andalam-pandrosoana hanana ny anjara toerany eo amin'ny fiharian-karena eran-tany. Amin'ny alalan'ireo Tetikady iraisam-pirenena ho amin'ny fampandrosoana, nampiharina hatramin'ny taona 1961 ho isaky ny folo taona, no mametrahana'ny Firenena Mikambana ny fepetra izay mikendry ny handrindrana ny asan'ny fitondram-panjakana sy ireo fikambanana iraisam-pirenena. Izany dia mba hampihenana ny hantsana mampisaraka ny tany mahantra sy manankarena.

Niainga avy amin'ny tatitry ny Sekretera jeneraly nantsoina hoe " Diary ho an'ny fampandrosoana " (*Agenda pour le développement*) no namolavolan'ny Fivoriambe fandaharan'asa mikendry ny fampiroboroboana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ho amin'ny fampandrosoana.

Ny Firenena Mikambana dia mamporisika foana ny fitadiavana vahaolana mazava amin'ireo olana mipetraka eran'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fikaonan-doha iraisam-pirenena, indrindra ny mikasika ny tontolo iainana sy ny fampandrosoana (Rio,1992), ny mponina sy ny fampandrosoana (Le Caire,1994), ny fampandrosoana sosialy (Copenhague,1995), ny fampivoarana ny vehivavy (Beijing,1995) ary ny mikasika ny trano fonenana (Istanbul,1996).

FANAMPIANA HO AMIN'NY FAMPANDROSONA

Ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana ho amin'ny fampandrosoana na PNUD (Programme des Nations Unies Pour le Développement) no lohalaharana amin'ireo sahan'asa atao ho an'ny fandrosoana ar-tsosialy sy ara-toekarena eran-tany. Izy no tena mpamatsy vola ary mpandrindra lehibe ny fiaraha-miasa ho amin'ny fampandrosoana eo anivon'ny rafitry ny Firenena Mikambana . Mametraka ho vaindohan-draharaha amin'ny fandaharan'asany ny fanafoanana ny fahantrana ny PNUD, eo koa ny famoronan'asa, ny fampivoarana ny vehivavy ary fiarovana ny tontolo iainana. Amin'ny alalan'ny teti-bola arivo tapitrisa dolara isan-taona no iasany any amin'ny firenena sy faritra andalam-pandrosoana dimy amby fitopolo amby zato. Ankaotra izay, ireo sahan'asa vatsian'ny PNUD vola dia mila sivy arivo tapitrisa dolara (9 milliards de dollars) eo ho eo isan-taona. hampiasaina eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana na ny tsy miankina aminy. Mandray ireo fanampiana an-tsitraon'ireo firenena maro koa ny PNUD: ireo fitondram-panjakana mahazo izany kosa no mandray an-tanana ny antsasany

mahery amin'ny lanin'ny tetik'asa rehetra. Fito amby valopolo isanjaton'ny tahirim-bolan'ny PNUD (87%) dia mankany amin'ireo firenena tena mahantra eran-tany.

Anisan'ireo fandaharan'asa entina ho amin'ny fampandrosoana, ny Tahirin'ny Firenena Mikambana misahana ny reny sy ny zaza (**UNICEF**) izay miandraikitra ankehitriny tetik'asa maro hanampiana firenena (138) valo amby telopolo amby zato. Ireo sehatr'asa tena imasoany dia ny fanaovana fanefitra, ny fikarakarana fototra ara-pahasalamana, ny sakafo ary ny fanabeazana fototra an-tsekoly. Tamin'ny 1994 dia tafakatra hatrany amin'ny 972 tapitrisa dolara ny fitambaran'ny vola nolanian'ny UNICEF tamin'ireo sehatr'asa ireo.

Ny Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana ho an'ny tontolo iainana (**PNUE**) dia miezaka mamporisika sy mandrindra sahan'asa hikajiana ara-dal'na ny tontolo iainana. Mamatsy vola ireo tetik'asa misahana ny tontolo iainana izy, miezaka koa manentana ny firenena eran-tany mba hitandro sy hiaro izany ary mampanjary ireo fifanarahana lehibe entina hiarovana izany tontolo iainana izany.

Anisan'ireo Fandaharan'asan'ny Firenena Mikambana izay mikendry ny fampandrosoana koa ireto tanisaina manaraka ireto: ny Fandaharan'asa ho an'ny sakafo (**PAM**), ny Tahirin'ny Firenena Mikambana ho an'ny mponina (**FNUAP**), ny Foiben'ny Firenena Mikambana ho an'ny toeram-ponenana (**CNUEH**) ary ny Fivorian'ny Firenena Mikambana momba ny Varotra sy ny Fampandrosoana (**CNUCED**).

FANAMPIANA VONJY AINA

Raha misy firenena ianjadian'ny ady, na mosary, na loza voajanahary, ny Firenena Mikambana dia mandray anjara mamatsy fanampiana vonjy aina, ka ny ampahany amin'izany dia avy amin'ny Fikambanana mivantana sy ireo sampana miaraka aminy, toy ny Fandaharan'asa eran-tany momba ny sakafo (**PAM**) sy ny UNICEF. Tamin'ny taona 1994 dia nahatratra 1,9 lavitrisa dolara ny vola nolanian'ny Firenena Mikambana tamin'ireo sahan'asa vonjy aina.

Ny " **Commissariat** " Ambony ny Firenena Mikambana misahana ny mpitsoa-ponenana (**UNHCR**) no miantoka eran'izao tontolo izao ny fiarovana sy ny fanampiana ara-pitaovana (sakafo, trano fonenana, fanampiana ara-pahasalamana, fanabeazana ...) ho an'ireo mpitsoa-ponenana 23 tapitrisa eran-tany. Izy koa no mitady ireo vahaolana maharitra iatrehana ny fahorian'izy ireo. Ny Mpandrindran'ny Firenena Mikambana misahana ny Vonjy taitra no mandamina ny asa rehetra ary mitarika ny Departemantan'ny raharan'ny vonjy ainan'ny Firenena Mikambana.

IREO SAMPAN-DRAHARAH MANOKAN'NY FIRENENA MIAKAMBANA

Misy efatra ambin'ny folo (14) izy ireo no miasa, araka ny sehatra manavanana azy avy, ho an'ny fampandrosoana sy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena. Ireto avy izy ireo:

- . Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Asa (OIT). Foibe: Genève (Suisse)
- . Ny Fikambanan'ny Firenena Mikambana momba ny Sakafo sy ny Fambolena (FAO). Foibe: Rome (Italie)
- . Ny Fikambanan'ny Firenena Mikambana misahana ny Fanabeazana, ny Hairaha sy ny Kolon-tsaina (UNESCO). Foibe: Paris (France)
- . Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fahasalamana (OMS). Foibe: Genève (Suisse)
- . Ny Banky Iraisam-pirenena. Foibe: Washington (Etazonia)
- . Ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) . Foibe: Washington (Etazonia)
- . Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fifamoivoizana an'habakabaka sivily (OACI). Foibe: Montréal (Canada)
- . Ny Fiombonan'ny Paositra Eran-tany (UPU). Foibe: Beme (Suisse)
- . Ny Fiombonan'ny Fifandraisan-davitra Iraisam-pirenena (UIT). Foibe: Genève (Suisse)
- . Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny fanaraha-mason'ny Toetr'andro. Foibe: Genève (Suisse)
- . Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fifamoivoizana an-dranomasina (OMI). Foibe: Genève (Suisse)
- . Ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fiarovana ny Zon'ny Mpamorona ara-tsaina (OMPI- Organisation Mondiale de la Propriété Intellectuelle). Foibe: Genève (Suisse)
- . Ny Tahiry Iraisam-pirenena momba ny Fampandrosoana ara-pambolena (FIDA). Foibe: Rome (Italie)
- . Ny Fikambanan'ny Firenena Mikambana momba ny Fampandrosoana ny Indostria (ONUDI). Foibe: Vienne (Autriche)

Fanamarihana: Na dia tsy anisan'ireo Sampana manokan'ny Firenena Mikambana aza ny Foibe Iraisam-pirenena momba ny angovo atomika (AIEA), dia isan'ireo fikambanana mahaleotena iraisan'ireo Fitondrampanjakana eo amban'y fiahian'ny Firenena Mikambana.

Ny Firenena Mikambana sy ireo sampan-draharaha manokana ireo no mitambatra ka mahatonga ny hoe
" *Système des Nations Unies* ".

FANTATRAO VE FA....

• Ny loka " Nobel " momba ny fandriampahalemana dia efa indimpy no nomena ireo sampana ao amin'ny Firenena Mikambana: ny HCR tamin'ny 1954 sy tamin'ny 1981, ny UNICEF tamin'ny 1965, ny Fikambanana momba ny ASA (OIT) tamin'ny 1990 ary ny Vondrona Mpitandro ny fandriampahalemana ny Firenena Mikambana tamin'ny 1988. Efa nomena an'i JOHN Boyd Orr, Tale Jeneralin'ny Firenena Mikambana momba ny Sakafo sy Fambolena (FAO) koa io loka io tamin'ny 1949; an'i Ralph J Bunche, Mpanelanelana vonjy maikan'ny Firenena Mikambana tany Palestina (1950) ary nomena an'i Dag Hammarskjöld, Sekretera jeneralan'ny Firenena Mikambana, taorian'ny nahafatesany tamin'ny 1961.

• Ny Fanjakana tsirairay avy amin'ireo 185 Mpikambana, na manao ahoana habeny sy ny isan'ny mponina ao aminy, dia manana " Vato " iray (1) ao amin'ny Fivoriambe; manomboka amin'ny be mponina indrindra (Sina 1,1 lavitrisa) ka hatramin'ny vitsy indrindra (les Palaos misy mponina 16.000 fotsiny).

• Ny " Andron'ny Firenena Mikambana " dia ankalazaina isan-taona ny 24 Oktobra, andro ahatsiarovana ny nampiharana ny Sata tamin'ny 1945.

• Ny tetibolan'ny Firenena Mikambana andavanandro, dia avy amin'ny latsakembokin'ny Mpikambana, ary ny ankamaroan'ny fandaharan'asa ho fanampiana dia vatsian'ireo latsakemboka an-tsitrato.

Naoty : Ny tetibola izay nolanian'ny Fivoriambe ho ampiasaina amin'ny roa taona 1998-1999 dia 2.532.331.200 dolara.

• Nandritra izay dimampolo taona farany izay, ireo tafika mpampandry tany dia lasa fitaovana iray tena ilaina ho an'ny fandriampahalemana. Tamin'ny taona 1988 dia nahatratra 10.000 ny isan'ny miaramila sy sivily nandray anjara tamin'ireo sahan'asa ho an'ny fandriampahalemana; amin'izao fotoana izao dia lasa 70.000 n y isan'ireo miaramila sy sivily tafiditra tamin'ireo sahan'asa 16 maneran-tany.

• Tamin'ny 1980, dia nanambara ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny fahasalamana (OMS) fa foana tanteraka ny nendra eran-tany, fahombiazana izay azo taorian'ny 13 taona nanaovana ezaka maro teo amin'ny fandaharan'asa iraisam-pirenena narindran'ny OMS.

• Ny asa namolavolana ny zo iraisam-pirenena vitan'ny Firenena Mikambana tao anatin'izay dimampolo taona farany izay dia mihoatra, nohon'ny lanjan'izay vita hatramin'izay teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona.

• Nisy fandaharan'asa niarahan'ny UNICEF-OMS nahafahana nanao vakisiny ny 80%-n'ireo zaza eran-tany niadiana tamin'ny aretina enina (6) mahafaty: ny lefa-kozatra, ny tetanosy, ny kitroto, ny koha-davareny, ny areti-tenda ary ny raboka. Isan-taona io fandaharan'asa iraisana io dia mahavonjy zaza hatramin'ny 3 tapitrisa mahery.

CINU

B.P. 1348 Antsahavola

Antananarivo (101)

MADAGASCAR

Tél. 261.20 - 22 241.15

Fax 261.20 - 22 333.15

Email cinu.tnr@bow.dts.mg

RAHA TE-HAHAFANTATRA BEBE KOKOA IANAO

Ny CINU, Foibe fampahalalam-baovao ny Firenena Mikambana eto Antananarivo dia ao Antsahavola.

Ny sekoly amin'ny ambaratonga rehetra (mpianatra, mpampianatra), ny mpanao gazety, ny Fikambanana tsy miankina amin'ny Fanjakana (ONG), ny mpikaroka, ny mpandraharaha ary ireo olon-tsotra ilana te-hahafantatra ny momba ny Firenena Mikambana dia afaka manantona ny CINU isan'andro.

Ny tranom-boky ao amin'ny CINU dia misokatra isan'andro manomboka amin'ny 8 ora sy sasany ka hatramin'ny 11 ora sy sasany ny maraina, ary manomboka amin'ny 2 ora ka hatramin'ny 4 ora sy sasany, afa tsy ny alatsinainy maraina sy ny zoma manontolo.

Misy koa ireo fandaharana ao amin'ny fampielezam-peo maro samy hafa momba ny Firenena Mikambana.

- Isaky ny zoma faharoa sy faha-efatry ny volana amin'ny efatra ora sy dimy, ao amin'ny Radiom-pirenena, fandaharana ONU-Magazine tontosain'ny ny RNM sy ny CINU

- Fandaharana PERSPECTIVES INTERNATIONALES, Radiom-pirenena zoma 6 ora sy fahefany atoandro, Radio Soanivo (Antsirabe) Alakamisy 9 ora sy sasany hariva

- Fandaharana L'AFRIQUE A L'ONU, Radiom-pirenena alarobia 12 ora sy fahefany atoandro, Radio Soanivo (Antsirabe) Talata 9 ora sy sasany hariva

- Mifandimby ny PERSPECTIVES INTERNATIONALES sy L'AFRIQUE A L'ONU : Radio Antsiva (Talata, 8 ora hariva), Radio Tsioka vao (Alahady, 8 ora hariva), Radio Fanamby (Alarobia, 8 ora sy fahefany hariva), Radio Sofia - Fianarantsoa (Alahady, 12 ora atoandro), Radio Voanio - Toamasina (Alatsinainy, 7 ora sy sasany maraina)